Rabemanantsoa Toky (HES)

De: Multiservice TOKY [multiservice_toky@yahoo.fr]
Envoyé: vendredi, 6. octobre 2006 15:46
À: Rabemanantsoa Toky (HES)
Objet: HiHaFIA

Hi.Ha.F.I.A.
Ivory Avaratra Fianarantsoa

Anio, 29 Septambra 2006

Ho an'ny Fiangonana Kristiana Malagasy
Ao Suisse sy ny manodidina
e-mail : toky.rabemanantsoa@hesge.ch

Antony : Fiangaviana fiaraha-miasa mitohy

Ry havana

Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo !

Noho ny fitomboan'ny mpiangona isan'Alahady sy ny ilana trano malalaka hivavahan'ny F.L.M. 17 trano eto antananan'i Fianarantsoa, ny Fileovana manontolo, ny Synoda sy ny fihaonam-be samihafa, dia nanorina trano fiangonana lehibe mirefy 60m x 29 m ny Fitandremana Ivory Avaratra.

Tamin'ny taona 1998 no nametrahana ny vatofehizoro sy ny nanombohana ny fototra. Tsy nitsahatra nifarimbona niasa ny Kristiana hatramin'izay, raha tsy tamin'ny taona 2002-2004 izay nandalovan'ny Firenena fotoan-tsarotra. Efa voatsangana ny vatan-trano, vita lalotra ny anatiny manontolo mipetraka ny « galeries » roa, ho voatafo famitso ny trano, misy « grilles de protection »-ny varavaran-kely ambanirihana, eo ampamitana ny tilikambo sy ny varavaram-be izahay izao…

Tamin'ny 28 Novambra 2004 no niterahan'ny Fikambanana « Hifarimbona Hamita ny Fiangonana Ivory Avaratra » (Hi.Ha.F.I.A.). Ary hatramin'io daty io dia mandroso tsy miato tokoa ny asa, ka nahavitana ireo zavatra voatanisa ireo. Efa misy 70 mahery ny mpikambana, izay mandrotsaka isam-bolana ho an'ny asa.

Noho ny fahambanian'ny fahefa-mividy aty an-tocrana anefa sy ny fisondrotry ny vidin-javatra, toy ny « ciment », vy, « tôles », hazo sns… dia nisambotra tsy nisy zanany koa ny Fikambanana mba hitohizan'ny asa hatrany. Indreto ohatra roa monja : ny « ciment » iray lasaka izay novidina 35.000Fmg teo ampanombohana dia vidina 100.000Fmg amin'izao ; ny barre de 12m amin'ny fer 6 : 12.500Fmg niakatra 55.000Fmg. Ny karaman'ny mponina anefa tsy nitombo firy akory…

Mbola maro be tokoa ny asa hatao vao vita tanteraka ny Fiangonana : « grilles de protection » ny varavarankely ambony rihana, dalazy, alitara sy polipitra, « bancs », varavaram-pitaratra rehetra ambony sy ambany, jiro, fanamafisam-peo, « orgue », loko sns…

Koa roa ny zavatra iangavianay aminareo, tompoko :

1. Hanome « grilles de protection » 20 ambonirihana, izay mitentina 450.000Fmg x 20 – 9.000.000Fmg, na 1.125 CHF. Ao avokoa ny vy, «soudure, pose » ary karama…
2. Hanohy ny fiaraha-miasa amin'ny Hi.Ha.F.I.A., araka izay mba zakanareo, fa vola antonony any aminareo dia mahavita zava-dehibe aty an-tanindrazana…

Misaotra anareo mialoha izahay, tompoko, sady mirary ny fitahian'ny Tompo ho aminareo mandrakariva.

Amin'ny anaran'ny Hi.Ha.F.I.A.

Pastora Rabemanantsoa Noël
Filoha

Adiresy amaliana azy : randijos.salt@wanadoo.mg

09.10.2006

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
FITANDREMANA IVORY AVARATRA
FANORENANA TRANO FIANGONANA
COMPTE N:29297120[illegible]014 BTM
FIANARANTSOA-MADAGASCAR

Fianarantsoa le 27 Janvier 2021.

DEVIS D'UNE DALLETTE EN BETON POUR GALERIE

D E S I G N A T I O N	QUANTITE	P.U	M O N T A N T
- Fer Rond de 14.	02	57.000Fmg	114.000FMG
- Fer Rond de 12.	02	37.000Fmg	74.000FMG
- Fer Rond de 6.	04	12.000Fmg	48.000FMG
- Fer Rond de 10.	28	26.000Fmg	728.000FMG
- Fer Rond de 8.	18	15.500Fmg	279.000FMG
* TRANSPORT			10.000FMG
- Fil Recuit	03Kgs.	9.000Fmg	27.000FMG
- Sacs de CIMENT	21	50.000Fmg	1.050.000FMG
* TRANSPORT			21.000FMG
- Planches	70	4.000Fmg	280.000FMG
- Rabotage	-	1.000Fmg	70.000FMG
* TRANSPORT			15.000FMG
- Bois Ronds	90	1.750Fmg	157 .000FMG
- Traverses	40	750Fmg	30.000FMG
- Sable	03M3	24.000Fmg	72.000FMG
- Gravillons	03M3	65.000Fmg	195.000FMG
- Pointes de 70.	05Kgs.	7.000Fmg	35.000FMG
- Pointes de 100.	07Kgs.	8.000Fmg	56.000FMG
- Lame de Scie	03	1.000Fmg	3.000FMG
- Fiswater	100M		15.000FMG
* MAIN D'OEUVRE : MAÇON	01		300.000FMG
: MANOEUVRES	02	15.000Fmg	70.000FMG
TOTAL			3.649.000FMG

TROIS MILLION SIX CENT QUARANTE-NEUF MILLE FMG.

LA TRESORIERE

RAKOTOMANGA Janine.

Manao veloma finaritra anareo @ Anaran'i Jesosy izahay, tompoko.

Ny Pastora

RANDRIANIRINA Fidélys.

Antony: Fanorenana Trano Fiangonana.

Any ny Komity sy ny Fiangonana Kristiana Malagasy
any Suisse sy ny Manodidina.